# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Jolay 2018

**12** **Alakamisy**
jolay

**Izay rehetra manota dia andevon'ny ota.**
Jaona 8. 34

**Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika.** Galatiana 5. 1

**Fahafahana**

Isika rehetra dia samy miandrandra fahafahana avokoa. Raha zohina anefa, inona moa no atao hoe fahafahana ? Ny tsy fisiana teritery mihitsy ve, araka izay heverina, matetika ? Sa ny fahazoana manao izay tiana hatao ? Ireo izay manaram-po amin'ny filany dia manirery sy ory no iafarany, matetika. Mihevi-tena ho afaka izy, nefa tokony hahafantatra fa raha vao teraka dia efa andevon'ny ota ary tsy mahay manafaka ny tenany. Tsy isika rehetra tsy akory no voagejan'ny fisotro mahamamo, zava-mahadomelina, vola, filalaovana, fijangajangana na fiankinandoha amin-javatra hafa. Nefa miantefa amintsika tsirairay ny tenin'i Jesosy hoe : „Izay mivoaka avy ao amin'ny olona, dia izany no mahaloto azy. Fa avy ao anatin'ny olona, dia avy ao am-pony, no ivoahan'ny sain-dratsy, dia ny fijangajangana, ny halatra, ny vonoan'olona, ny fakambadin'olona, ny fieremana, ny lolompo, ny fitaka, ny fijejojejoana, ny maso ratsy, ny fitenenan-dratsy, ny avonavona, ny fahadalana" (Marka 7. 20-22). Ao anatin'ny fontsika mihitsy no loharanon'ny ratsy ataontsika, na inona izany na inona.

Teo amin'ny fiainany Jesosy dia naneho ny tena fahafahana, tamin'ny ohatra nomeny. Nahafaly Azy ny nanao soa, tamin'ny nanatanterahany izay ankasitrahin'Andriamanitra.

Ny fiainany masina sy madio anefa dia tsy mahafaka ny olona amin'ny fanandevozan'ny ota. Mba hahafaka antsika, Jesosy dia tsy maintsy nanolotra ny ainy. Ny saran'ny nanafahana antsika dia ny fijaliana niaretany avy tamin' Andriamanitra, mba hanonerany ireo fahadisoantsika. Jesosy no Ilay Mpanafaka lehibe ho antsika ! Aoka isika hatoky Azy. „Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo" (Jaona 8. 36).